



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-144

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-001-2021/PR «PORTANT CRÉATION D'UNE COMMISSION D'ENQUÊTE PARLEMENTAIRE SUR LE TRAFIC D'OR À MADAGASCAR», NATOLOTR'ANDRIAMATOA MOHAMAD AHMAD, SOLOMBAVAMBAHOAKA VOAFIDY TAO AMIN'NY DISTRIKAN'I FENERIVE-EST SY IREO SOLOMBAVAMBAHOAKA NAMANY

Fivoriana Faha-24
Natao ny
Alatsinainy 21 Jona 2021
- Maraina -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

FOTOANA: Alatsinainy 21 Jona 2021, tamin'ny 10 ora sy 30 minitra, maraina.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-001-2021/PR «portant création d'une Commission d'Enquête Parlementaire sur le trafic d'or à Madagascar», natolotr'Andriamatoa MOHAMAD Ahmad, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Fenoarivo-Atsinanana sy ireo Solombavambahoaka namany.

Nitohy ny Alatsinainy 21 Jona 2021 tamin'ny 10 ora sy 30 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha, nanambara, fa ny fanamarihana ny fahatongavan'ny Solombavambahoaka manatrika ny fivoriana dia homen'ny Tale misahana ny Informatika na ny DSI eto amin'ny Antenimierampirenena amin'ny fotoana mahamety izany.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, Ramatoa Filoha, izay miompana amin'ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-001-2021/PR «portant création d'une Commission d'Enquête Parlementaire sur le trafic d'or à Madagascar», natolotr'Andriamatoa MOHAMAD Ahmad, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Fenoarivo-Atsinanana sy ireo Solombavambahoaka namany.

Rehefa izany, nampatsiahivin-dRamatoa Filoha, ihany koa ny mpivory, fa mandeha mivantana amin'ny alalan'ny fivoriana ampitain-davitra izao fivoriana izao.

Taorian'izay, nomeny ny Mpampakatenin'ny Voamieran'ny Harena Stratejika ny fitenenana, hamakiany ny tatitry ny Asam-baomiera. Andriamatoa MOHAMAD Ahmad, Filohan'ny Vaomieran'ny Harena Stratejika no nanatanteraka satria tsy nanatrika fivoriana ny Mpampakateny, ka toy izao no fivakin'izany.

Nivory ny Alarobia faha-9 Jona 2021 tamin'ny 9 ora sy 20 minitra, maraina, ny Vaomieran'ny Harena Stratejika nandinika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-001-2021/PR «portant création d'une Commission d'Enquête Parlementaire sur le trafic d'or à Madagascar», natolotr'Andriamatoa MOHAMAD Ahmad, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Fenoarivo-Atsinanana sy ireo Solombavambahoaka namany.

Andriamatoa TSITARA Rogers Osman, Filoha Lefitry ny Vaomieran'ny Harena Stratejika no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Harena Stratejika nanatrika ny fivoriana.

Andriamatoa isany:

- 1- TSITARA Rogers Osman
- 2- MOHAMAD Ahmad
- 3- ZAFINANDRO Perle Bien Aimée
- 4- MBELO Ndriamanamby Jean Germain Odon
- 5- RAMAROSON Bonaventure

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera nanatrika ny fivoriana.

Andriamatoa isany:

- 1- JEAN Daniel dit Manjoso
- 2- INDRIANDRO Julien
- 3- HENRI Jean Michel

Andriamatoa RAVOKATRA Fidiniavo, Minisitry ny Harena An-kibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika no nisolotena ny Governemanta, izay notronon'ny teknisiana vitsivitsy avy ao amin'ny Minisitery sahaniny.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha, nomeny avy hatrany an'Andriamatoa MOHAMAD Ahmad, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Fenoarivo-Atsinanana, isan'ny mpanolotra ity Tolo-pehin-kevitra ity ny fitenenana.

Nambarany fa raharaha lehibe eto amin'ny firenena ny ady amin'ny fanondranana antsokosoko ny volamena ary noho ny tsy maha eto an-toerana azy amin'izao fotoana izao, nangataka izy ny hanemorana ny fandinihana ity Tolo-pehin-kevitra ity amin'ny fotoana manaraka.

Manoloana izany fangatahana izany dia tsy nisy nitsivalana ireo Solombavambahoaka nanatrika ny fivoriana.

Nilaza ihany koa Andriamatoa Minisitry, fa vonona tanteraka ny Governemanta hiarahisalahy amin'ny Solombavambahoaka amin'ny fanadiavana io lalam-pihariana volamena io, ka hiandry ny fotoana hapetraky ny Antenimierampirenena izy hirosoana amin'izany.

Rehefa izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory. Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana mba hanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay dia nanapakevitra ny Vaomiera, fa hahemotra amin'ny fotoana mahamety azy ny fandinihana ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-001-2021/PR «portant création d'une Commission d'Enquête Parlementaire sur le trafic d'or à Madagascar», natolotr'Andriamatoa MOHAMAD Ahmad, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Fenoarivo-Atsinanana sy ireo Solombavambahoaka namany ary hoentina eny amin'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 9 ora sy 40 minitra, maraina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa noho ny tsy mbola fisian'ny asa vita mikasika ity Tolo-pehin-kevitra laharana faha-001-2021/PR ity tany amin'ny asam-baomiera dia tsy maintsy ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra momba azy mba tsy hivaona amin'ny voalazan'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena ny zavatra tokony hatao.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, ka anio amin'ny 5 ora, hariva, no hatao ny fivorian'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena handinika izay mey ho lahadinika amin'ny manaraka.

Nomarihany, fa fivoriana ampitain-davitra hatrany na "visio conférence" no hanaovana izany fivoriana izany.

Niato tamin'ny 10 ora sy 35 minitra, maraina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona